Holijaona Raboana

Explications du Président-fondateur de l'association Émergence de Madagascar , Holijaona Raboana, donnant les grandes lignes de ses appréhensions -mais aussi de ses suggestions- concernant les lois régissant les futures zones économiques spéciales (ZES) que le régime Hvm/Rajaonarimampianina entend mettre en place en cette dernière année de son mandat. Or, depuis 4 ans maintenant, la souveraineté nationale de Madagascar est mise à mal par l'ouverture trop béante des portes du pays aux intérêts étrangers, avec une application corrompue des 3 P
(«Private Public Partnership»
) dont le peuple malgache ne sortira jamais gagnant.

Jeannot Ramambazafy - Photos: Harilala Randrianarison

VIDÉO EN FRANCAIS ICI



CP EM
26/10/17
PL ZES

Communiqué de presse d'Emergence de Madagascar / Antananarivo le 26/10/2017

Diffusion : pour diffusion le 26/10/2017

PARTIE I. NOTA BENE SUR LE PROJET DE LOI ZONE ECONOMIQUE SPECIALE (VF)

Au vu de l'initiative du gouvernement concernant la proposition de loi régissant les ***Zones Economiques Spéciales***, à l'ordre du jour, qui sera discutée ce mois d'Octobre devant les Députés de Madagascar, la Plateforme Emergence de Madagascar tient à apporter les précisions suivantes à tous les groupes parlementaires sans exception afin de mieux orienter les débats.

La raison d'être des ZES étant la création de diverses activités socio-économiques (pas seulement les activités industrielles, mais aussi les activités de service comme les banques, le tourisme, la santé, la culture...) sous régime d'exonération de taxes y compris droits de douane, sur le territoire de Madagascar. **Les Députés de Madagascar** devraient comprendre que :

1. Les ressources fiscales classiques ne sont pas prises en considération dans une ZES. Par conséquent, les ressources financières de l'Etat seront très limitées.
2. Etant donné l'extra-territorialité administrative et juridique d'une Zone, la souveraineté de Madagascar pourrait être remise en question.
3. La location longue durée renouvelable d'une superficie déterminée, qui sera amenée à être une nouvelle grande ville dans le futur, signifie suivant le Soatoavina Malagasy une vente indirecte de la patrie.
4. Une prédominance des IDE (Investisseur Direct Etranger), par rapport aux IDN (Investisseurs Directs Nationaux) entraînerait des conséquences désastreuses sur le plan socio-politique dans le futur.
5. Les centres offshores et les banques offshores sont déterminants dans la réussite d'une ZES. En conséquence l'élaboration des lois régissant ce domaine d'activité devraient faire l'objet d'une étude à par entière sinon les risques de tomber dans l'image de paradis fiscaux pourrait nuire a la crédibilité des futures ZES Madagascar.
6. L'objectif des ZES serait de doter les secteurs d'activité (Etat et privé) d'infrastructures de standing international. En conséquence, suivant ce schéma directeur il serait primordial de prendre en considération tout ce qui ramènerait à une remise à niveau par étape du standing socio-économique des employés et main d'oeuvre opérant dans les ZES. Ceci devrait faire l'objet de lois spécifiques sur l'obligation des investisseurs en matière de formation, sans oublier la définition d'un salaire minimum.

Par conséquent, en tenant compte de la compétitivité de Madagascar dans ce domaine, l'orientation des lois régissant les ZES devrait tenir compte des règles des 3G, à savoir : Etat Gagnant - IDE "Investisseurs Directs Etrangers" Gagnant - IDN "Investisseurs Directs Nationaux" Gagnant.

Pour plus d'informations, contacter le 034 98 528 96.



CP EM
26/10/17
PL ZES

Communiqué de presse d'Emergence de Madagascar / Antananarivo le 26/10/2017

Diffusion : pour diffusion le 26/10/2017

PARTIE II. NOTA BENE SUR LE PROJET DE LOI ZONE ECONOMIQUE SPECIALE (VF)

Implications du précepte des 3G :

1. **Implication idéologique :**
Pour que l'Etat puisse disposer d'autres ressources alternatives à part les recettes fiscales, il devrait d'une manière logique s'impliquer davantage dans la production en tant que partenaire actionnaire. Ceci remet en question son rôle strict d'arbitre dans toutes les initiatives économiques, prôné dans l'idéologie libérale où cette possibilité apparaît antagoniste. Si les pays occidentaux prônent le libéralisme, il n'est dès lors pas étonnant que la possibilité d'un Etat partenaire et actionnaire dans un cadre réglementé et sécurisé ne rentre pas dans les recommandations des PTF. Par contre ce précepte a été un des facteur-clés de réussite dans certains pays asiatiques, particulièrement la Chine qui se définit elle-même d' " idéologie communiste a économie de marché ".

2. **Implication géostratégique :**
Si Madagascar était auparavant, et est jusqu'à aujourd'hui, un pays à fort potentiel de ressources destiné à être exportateur de matières premières vers les pays traditionnellement partenaires ; à l'évidence dans le futur Madagascar devra se positionner en tant que plateforme de transformation de matières premières destinés aux pays d'Afrique et occidentaux. Une nouvelle approche s'impose donc. Grâce aux ZES, Madagascar sera un pôle d'attraction, de délocalisation technologique émanant de l'Asie destiné au marché occidental. Si Madagascar est ainsi actuellement un marché, il sera appelé ainsi à être exportateur de produits finis. Le concept 3G (Partenariat Etat - IDE - IDN) permettra la multiplication d'une nouvelle race d'industriels Malagasy exportateurs.

3. **Implications économiques :**
Dans les divers projets de développement, l'Etat en tant que propriétaire de terrains domaniaux peut soumettre comme apport de participation avec les IDE le foncier. Ce qui évite automatiquement la location longue durée renouvelable de grandes superficies de terrain aux étrangers comme l'indique la loi sur le foncier actuelle. Ce concept est reconnu et accepté par la majorité des investisseurs asiatiques et particulièrement les investisseurs d'origine chinoise. C'est d'ailleurs pourquoi les Asiatiques priorisent le partenariat et la protection de l'Etat dans les projets économiques (Zone agricole, ZES, exploitation minière ...) par rapport à la sécurisation foncière prônée par les investisseurs occidentaux.

4. **Implications juridiques :**
Les lois relatives aux grands investissements ainsi que le code des investissements devraient s'orienter vers ce précepte 3G, privilégiant dans les divers projets économiques le partenariat ETAT-IDE-IDN (représentant du secteur privé national désigné par les Chambre de Commerce et de l'Industrie).

5. **Implications techniques:**
Les divers projets de ZES en général incluant les sous-projets par secteur d'activité s'articuleront autour de la création de "Société d'Economie Mixte" ou plus communément appelées « semi-publiques ».

Emergence de Madagascar préconise ainsi l'idéologie suivante : le ***Social-Libéralisme***.

Pour plus d'informations, contacter le 034 98 528 96.

VIDEO TENY MALAGASY ETO



CP EM
26/10/17
PL ZES

Communiqué de presse d'Emergence de Madagascar / Antananarivo le 26/10/2017

Diffusion : pour diffusion le 26/10/2017

I. VOLAVOLAN-DALANA ZONE ECONOMIQUE SPECIALE (VM)

Manoloana ny fiantomboan'ny fandinihina ny volavolan-dalàna momban'ny Zone Economique Spéciale (ZES), izay naroson'ny Governemanta eo anivon'ny Antenimieram-pirenenena, dia voninahitra ho anay mpikambana ato amin'ny Vovonana Madagasikara Misandratra (Emergence de Madagascar) no manao izao fanamarihana izao, mba hitarihana adi-hevitra.

Ho fampahatsiahivana dia ny atao hoe : "ZES", dia faritra afa-kaba izany hoe: izay orinasa rehetra miasa ao amin'io faritra manokana io dia tsy mandoa hetra na fadi-tseranana. Ny antony dia mba hisarihana ireo mpampiasa vola. Samy miara-miaiky isika fa ny famoronana asa no tena tombontsoa ho azon'ny Malagasy amin'izany tetik'asa lehibe izany, saingy kosa misy ireo lafiny hafa mety hiteraka voka-dratsy raha tsy mailo isika. Noho izany dia :

1- Kely ny vola miditra ao anatin'ny kitapom-bolam-panjakana.

2- Faritra ivelan'ny fiadidian'ny fanjakana ny ZES, amin'ny lafin'ny fandraharahana, ka mety hanohitohina ny fihandrianam-pirenena raha tsy mitandrina.

3- Ny lalàna dia manome alalana ny vahiny hanofa lavitr'ezaka ny tany (azo havaozina) eto Madagasikara, nefa izany dia tsy mifanaraka amin'ny Soatoavina Malagasy, satria mihevitra ny an-kamaroan'ny Malagasy fa karazana fivarotana Tanindrazana ihany izany. Tsy izay ihany fa ny tetik'asa ZES dia midika fametrahana tanan-dehibe. Koa mazava ho azy fa any aoriana dia ho lasa faritra fisandratana ara-toe-karena, tsy misy idiran'ny Malagasy izany, satria ilay mpanofa ny tany no ho lasa tompon'ny fahefana ao anatin'izany faritra izany.

4- Tsy hanana ny tanjaka ara-bola sy ara-teknika, ho entina hifaninana amin'ireo mpandraharaha vahiny ireo mpandraharaha tera-tany Malagasy. Mazava ho azy arak'izany fa hanjaka tanteraka ireo vahiny ireo ao anatin'izany faritra izany. Koa raha tsy mitandrina isika, dia any aoriana mety hiteraka olana mavesatra ara-tsosialy sy ara-politika izany teo-javatra izany (ohatra tany Inde).

5- Ny fifampiraharahana ara-bola ao anatin'izany faritra izany dia mahaleo tena, satria tsy misy fifandraisana amin'ny banky foibe Malagasy. Saika amin'ny vola vahiny avokoa no hifanakalozana ao anatin'izany faritra izany, amin'ny alalan'ireo Banky afa-kaba (Banque offshore). Lalàna sy fepetra manokana no tokony hifehy izany Banky afa-kaba izany, satria raha tsy mailo dia mety hanana endrika "paradis fiscal" sy famatsiana vola maloto izany ZES izany.

6- Ny tanjon'ny tetik'asa ZES dia ny fametrahana foto-drafitr'asa manaraka ny fenitra iraisam-pirenena, mba ahafahan'ireo orinasa mivelatra. Raha ny lojika dia tokony hanaraka izany fenitra izany ihany koa ny tombotsoan'ireo miasa ao antin'izany faritra izany.

Noho ireo fanamarihana ireo dia ilaina hatrany ny andinihina ny fifandajan'ny tombontsoan'ny Malagasy sy ny "compétitivité" an'ireo ZES ireo, mba tsy ho maty momoka izany tetik'asa izany any aoriana. Izay no mahatonga anay ato amin'ny vovonana Emergence de Madagascar manolotra izao fehi-kevitra izao, mba hisoroana ireo olana lehibe rehetra ireo, rehefa avy nandinika lalina nandritry ny taona maro.

Raha fintinina dia **MILA MITSINJO HATRANY HATRANY NY ATAO HOE : TELO TOMBOTSOA** rehefa mametraka tetik'asa goavana i Madagasikara.

3T : Tombotsoan'ny fanjakana / Tombotsoan'ny Mpandraharaha Malagasy sy ny Malagasy / Tombotsoan'ny mpandraharaha vahiny.

Pour plus d'informations, contacter le 034 98 528 96.



CP EM
26/10/17
PL ZES

Communiqué de presse d'Emergence de Madagascar / Antananarivo le 26/10/2017

Diffusion : pour diffusion le 26/10/2017

II. VOLAVOLAN-DALANA ZONE ECONOMIQUE SPECIALE (VM)

Miteraka fomba fijery vaovao ny fametrahana ny foto-kevitra 3 Tombotsoa :

1- **Firehin-kevitra vaovao :** ny firehin-kevitra novohizina tamin'ny Repoblika fahatelo, dia ny fanalalahana tanteraka ny sehatra ara-toe-karena Izany hoe : ny fanjakana dia tokony hijanona ho mpandrindra sy mpandamina fotsiny ihany. Ny tombotsoan'ny fanjakana dia avy amin'ny alalan'ny fitakiana ny hetra sy ny fadin-tseranana, mba hiditra ao anatin'ny kitapom-bola. Ny fametrahana ny tetik'asa ZES anefa dia tsy mamela ny fanjakana hivelatra amin'izany fampidiram-bola amin'ny alalan'ny hetra izany.

   Ny fomba hisoroana izany dia ny fampidirana ny fanjakana hiara-hiombon'antoka amin'ireo mpampiasa vola vahiny sy teran-tany. Fidiram-bola hafa avy aminy alalan'ny fitsinjarana ny tombom-barotra isan-taona (dividendes) no ho lasa tombotsoan'ny fanjakana. Fanapahan-kevitra noraisin'ireo firenena misandratra Aziatika io fenitra io ary nitera-bokatsoa betsaka.

   Ny Sinoa no tena loha-laharana amin'io firehin-kevitra vaovao io, izay lazaina amin'ny anarana hoe : *« fanalalahana ara-toe-karena ao anatin'ny communisme »*. Iaraha-mahalala fa any Chine dia orinasam-panjakana avokoa no misy ary miara-mihombon'antoka amin'ny orinasa tsy miankina vahiny avokoa. Izay tetika izay no nahatonga ny fahombiazana ara-toe-karena Sinoa.

2- **Tarigetra iraisam-pirenena vaovao :** hatramin'izay ka hatram'izao, ny tarigetra ara-toe-karena napetraka dia ny fiantsoana ireo orinasa lehibe vahiny hitrandraka ny harena ambony sy ambanin'ny tany ary an-dranomasina, mba ho akora ahondrana. Madagasikara kosa ao anatin'izay dia Tsenan'ireo mpanodina akora ireo. Miova izany tarigetra izany satria ho lasa vovonana hisintonana ireo orinasa Aziatika, hiaraka hiasa amin'ny fanjakana sy ny orinasa tera-tany Madagasikara, mba afahana manodina vokatra. Ny tsenan'ireo vokatra vita Malagasy dia ireo firenena tandrefa sy ireo firenena Afrikanina. Efa niomana sy nivonona tamin'izany tetika izany ireo firenena Aziatika ireo, saingy miandry ny fametrahan'ny Madagasikara ny ZES.

3- **Tetika ara toe-karena vaovao :** ny tany izay fananan'ny fanjakana no ho entina andraisana antoka ao anatin'ny fifampiraharahana amin'ny mpandraharaha vahiny na tera-tany. Mazava ho azy fa tsy ilaina izany ny mampanofa ny tany amin'ny vahiny. Fomba fiasa efa fantatra ary heken'ireo firenena Aziatika io. Raha ny fomba fijerin'ireo firenena Aziatika misandratra ireo (Pays Emergent), dia lahara-pahamehana kokoa amin'izy ireo ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana raha ampitahana amin'ny fanofana na ny fanan-tany.

4- **Tetika fametrahana lalàna vaovao :** laharam-pahamehana, mialohan'ny fametrahana ny lalàna momban'ny ZES ny fandrafetana ny lalàna mifehy ny Banky afa-kaba (banque offshore). Tokony rafetina mialoha ihany koa ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola (codes des investissements).Tokony ampidirina sy ho raisina ho foto-kevi-dehibe ao anatin'ireo lalàna momban'ny ZES sy ny lalàna mifehy ny fampiasam-bola ireo ny fenitra 3 TOMBOTSOA.

5- **Tetika vaovao ara-Teknika :** apetraka ireo lalàna mifehy ireo orinasa atao hoe : "société semi-publique" na "société d'économie mixte".

FEHINY. Ny mpanao politika sy ny fanaovana politika mandalo fa ny lalàna kosa mipetraka mba hitsinjovana ny tombotsoam-pirenena sy ny hoavin'ny taranaka.

Pour plus d'informations, contacter le 034 98 528 96.

Faritra ara - toekarena manokana

« Mety hanohintohina ny fiandrianam - pirenena »

2

Politika | Sabotsy 28 oktobra 2017 | Inona no Vaovao

Raboana Olijaona

« Mety hanohintohina ny fiandrianam - pirenena ny faritra ara - toekarena manokana »

Manoloana ny fiantombohan ' ny fandinihana ny volavolan - dalàna momba ny « Zone economique spéciale » (Zes) na ny faritra ara - toekarena manokana, ny Emergence de Madagascar tarihin - dRaboana Olijaona dia nandroso soso - kevitra momba ny volavolan - dalàna izay aroson ' ny Governemanta hodinihin ' ny parlemantera mba tsy hanohintohina ny fiandrianam - pirenena ity Zes ity. Ho an ' ity Vovonana Madagasikara misandratra na Emergence de Madagascar ity ny Zes dia tsy inona fa fanomezana malalaka, tsy misy haba an ' ireo orinasa rehetra miasa ao amin ' ilay faritra manokana, ka amin ' izay dia natao mba hisarihana ny mpampiasa vola izy io ary hamorona asa ho an ' ny eto an - toerana.

Ilana fitandremana nefa io, hoy hatrany ny Vm satria ho zary Fanjakana anaty Fanjakana ireo mpanambola mampiasa ny volany ao, hanjary ho faritra famotsiam - bola koa na fialana amin' ny hetra tahaka ilay malaza any ivelany hoe *« paradis fiscal »* raha tsy mitandrina. Satria ireo mpanam - bola hanofa maharitra ny tany dia hampanofa izany ihany koa amin' izay tiany ka ireo mpanofa ireo no hanjary ho tompony any aoriana. Ny fampanofana tany maharitra, izay mbola azo havaozina rahateo dia tsy mifanaraka loatra amin' ny soatoavina sy ny kolontsaina malagasy fa mitovy amin' ny fivarotana tanindrazana ihany. Tsy ho voafehy rahateo ireo mponina ao amin' ny Zes fa hanana ny fiarahamoniny manokana.

Etsy ankilany, kely ny vola hampidirin' ny Zes ho an' ny kitapom - bolam - panjakana, ivelan' ny fiadidian' ny Fanjakana ihany koa izy eo amin' ny lafiny fandraharahana.

Manginy fotsiny ny tsy fahafahan' ny malagasy hifaninana amin' ireo mpandraharaha vahiny ao anatin' ny Zes ireo satria tsy hanana ny tanjaka ara - bola sy ara - teknika amin' izany isika. Hanjaka tanteraka araka izany ireo vahiny ao anatin' izany faritra manokana izany. Olana mavesatra ara - tsosialy no haterak' izany any aoriana araka ny fahitan' ny Vm azy hatrany. Satria na ny fifampiraharahana ara - bola ao amin' ilay faritra aza tsy azo kitikitihin' ny Fanjakana fa mahaleo tena tanteraka, eny hatramin' ny vola ampiasainy. Vola vahiny rahateo moa no hifanakalozana. Banky afa - kaba no hiasa ao kanefa tokony hisy lalàna manokana hifehezana izany.

Fotokevitra telo tombontsoa

Manan - tanjona hametraka foto - drafitrasa manaraka ny fenitra iraisampirenena nefa ny Zes mba hahafahan' ireo orinasa ao mivelatra. Raha ny tokony ho izy, hanaraka izay ihany koa ny karaman' ny mpiasa ao aminy.

Noho ireo antony ireo dia manolotra soso - kevitra hanatsarana ny volavolan - dalàna ho tonga eny am - pelatanan' ireo Solombavambahoaka sy Loholona ny Vm ka mba hisy fomba fijery vaovao mihitsy sy foto - kevitra vaovao hampifamatorana amin' ity Zes ity. Iray amin' ireny ny fotokevitra telo tombontsoa. Ny Repoblika fahatelo dia nametraka ny fahalalahana teo amin' ny lafiny toe - karena ka nametraka ny Fanjakana ho mpandrindra fotsiny ihany. Ny hetra sy ny fadin - tseranana no takiny mba hiditra any amin' ny kitapom - bolam - panjakana. Ny fametrahana ny Zes nefa tsy mamela ny Fanjakana hitaky izany vola avy amin' ny alalan' ny hetra izany.

Koa ny fampidirana ny Fanjakana ho mpiara - miombon' antoka ihany no lalana, na amin' ireo mpampiasa vola vahiny izany na amin' ireo mpampiasa vola teratany. Fidiram - bola avy amin' ny alalan' ny fitsin - jarana ny tombombarotra isan - taona no ho lasa tombontsoan' ny Fanjakana amin' izay. Ny Firenena aziatika efa misandratra no nandray izany fanapahan - kevitra izany.

Koa ny tombontsoan' ny telo tonta izany no tokony hojerena amin' ny alalan' ny fametrahana tetika ara - toekarena vaovao, fametrahana lalàna vaovao fa indrindra fametrahana tetika vaovao ara - teknika ka ny lalàna mifehy ny orinasa atao hoe *« société semi - publique »* na *« société d' économie mixte »* no atao.

Amin' izay fotoana izay, samy hahazo tombontsoa ny rehetra fa tsy tahaka izay hita taratra amin' ity volavolan - dalàna laharana faha - 18/2017 tamin' ny 18 jolay 2017 ity. Volavolan - dalàna izay aroson' ny Governemanta hodinihin' ny fahefana mpanao lalàna ka ahitana pejy 26 izy io. Raha tsy mitandrina, hoy ny Vm dia hanohintohina ny fiandrianam - pirenena ny fametrahana ny faritra ara - toekarena manokana satria ho lasa Fanjakana anaty Fanjakana ilay faritra manokana.

Ma